# Ilay Voa Tsara Nafafy 09 Jona 2018

**9** **Asabotsy**
jona

**Ny zavatra rehetra samy manana ny fotoanany avy... Ao ny andro anginana, ary ao ny andro itenenana.** Mpitoriteny 3. 1, 7

**Indro, ankehitriny no andro famonjena.**
2 Korintiana 6. 2

### Ny mihaino, zavatra ilaina maika

Andriamanitra dia niteny tamin'ny olony, tamin'ny andron'ireo mpaminany fahiny. Fony tetỳ an-tany ny Tompo Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra, dia niteny tamin'ny olona tamina fomba mbola tsara kokoa sy mahery kokoa indray Andriamanitra. Ary amin'izao fotoana izao, efa ho 2000 taona eo ho eo izao, dia afaka mandre ireo irak'Andriamanitra miteny aminy avy amin'Andriamanitra ny olona, afaka mandre ny kristiana miteny hoe : „Mibebaha ianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo" (Asan'ny Apostoly 3. 19). Mandraka ankehitriny dia mbola miteny amin'ny olona Andriamanitra : miely patrana manerana izao tontolo izao ny Baiboly, izay Tenin'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny soratra sy ny onjam-peo. Saingy tandremo, ho avy ny andro hanginan'Andriamanitra ka tsy hampitany amin'ny olona intsony ny Teniny milaza fitiavana.

Tao amina tanàna kely iray dia efa nahazatra loatra ny olona ny mandre andro aman'alina ny feon'ny maritoan'ny mpanefy vy, ka tsy nanelingelina an'iza na iza intsony izany. Niato anefa io feo io, indray alina, noho ny fitaovana nikatso, ka nifoha ny mponina satria nanakorontana fatratra azy ireo ilay fanginana tsy nahazatra !

Ry namana malala, ry zanaka ankohonana kristiana malala, mety ho tena zatra mahare ny Teny milaza ny famonjen'Andriamanitra ianao, hany ka tsy voakasik'izany intsony ny fieritreretanao, ary toy ny matory. Ho tara loatra rehefa tsy miteny intsony Andriamanitra, raha izay ianao vao hifoha !

„Misy fanao iray itenenan'Andriamanitra, eny, fanao roa aza, nefa tsy tandreman'ny olona izany" (Joba 33. 14). Aza mangataka andro intsony, fa henoy ny tiany holazaina aminao, hoe : „Indro, *ankehitriny* no andro famonjena".